# Ilay Voa Tsara Nafafy 26 Aogositra 2018

# 26 Alahady
aogositra

**Endrey ! manao ahoana ny fitiavana nasehon' ny Ray ho antsika, dia ny niantsoana antsika hoe zanak'Andriamanitra, sady izany tokoa isika ! Koa noho izany dia tsy mahalala antsika izao tontolo izao, satria tsy nahalala Azy izy. Ry malala, ankehitriny aza dia zanak'Andriamanitra isika.** 1 Jaona 3. 1, 2

## Ny maha izy azy ny tontolo kristiana

Tamin'ny taona 1973, ilay filôzôfa pôlôney antsoina hoe L. Kolakowski (1927-2009) dia namariparitra ny fivoaran'ny tontolo kristiana toy izao :

„Toa azon-tahotra mafy ny tontolo kristiana, matahotra ny hitoetra kokoa hatrany eo amin'ny toerana sekta mitoka-monina. Koa tsy am-piheverana no anandramany maka ny volon'ny tany, mba tsy ho voatelin'ireo fahavalony. Miezaka izy maka ny lokon'ny manodidina azy, satria manantena hanavotra ny ainy, amin'izany fomba izany. Ny marina anefa dia veriny, amin'izany, ny maha izy azy, izay mifototra indrindra amin'ny fampisarahana ny masina amin'ny zavapoana."

Marina izany tsikera izany : very ny maha izy azy ny tontolo kristiana, satria maro amin'ireo milaza tena ho kristiana no kristiana anarana fotsiny.

Ary ny hafetsena lehibe ataon'ny devoly, dia ny mamafa ny faritra mampisaraka ny tsara amin'ny ratsy, mamafa ihany koa ny faritra mampisaraka ny masina amin'ny zava-poana.

Fa teo amin'ny mpianatr'i Jesosy Kristy kosa, dia niharihary ny maha kristiana azy ireo : fantatra tsara fa „efa niaraka tamin'i Jesosy" izy ireo (Asan'ny Apostoly 4. 13). Vao avy nohomboan'ny olona teo amin'ny hazofijaliana Jesosy, dia nasehon'ny mpianany, tamin'ny fihetsiny sy ny teniny, fa miraiki-po amin'Ilay Mpamonjiny izy ireo sady manahaka Azy.

Ry kristiana navotan'i Kristy, mifohaza ! Rehefa mpianatry ny Tompo Jesosy, dia manana antony hafa manosika hanao zavatra, manana tanjona sy lalana hafa noho ny an'ireo tsy mpino. Naterak'Andriamanitra ny mpianatry ny Tompo Jesosy, ka ny fiainany dia fiainana zanak'Andriamanitra. Ho azy dia tsy tokony hisy fahefana afa-tsy feo tokana, dia ny feon'Andriamanitra. Sokafy ny Baiboly, ary vakio sy henoy. Tsy tenin'olombelona ny ao, fa Tenin'Andriamanitra.